Raha miteny ny mpiantso amin'ny Azan hoe : Allaho Akbar Allaho Akbar, ka niteny ny iray aminareo hoe : Allaho Akbar Allaho Akbar

Tatitra azo avy tamin'i Omar Bin Khattàb (RA) niteny : Niteny ny irak'Allah (S.A.W) manao hoe : "Raha miteny ny mpiantso amin'ny Azan hoe : Allaho Akbar Allaho Akbar, ka niteny ny iray aminareo hoe : Allaho Akbar Allaho Akbar, Avy eo miteny izy hoe : Ash-hado An-là ilàha Illal-làho, dia miteny indray hoe :Ash-hado An-là ilàha Illal-làho. Avy eo miteny izy hoe : "Ash-hado Anna Mohammadan Rasòlollàhi", dia miteny indray hoe : "Ash-hado Anna Mohammadan Rasòlollàhi". Avy eo miteny izy hoe : Hayya A'las-soalat, dia miteny indray hoe: Là haola wala kowwata Illa- billàhi. Avy eo miteny izy hoe : Hayya A'lal-Falàhi, dia miteny indray hoe : Là haola wala kowwata Illa- billàh Avy eo miteny izy hoe : Allaho Akbar Allaho Akbar, dia miteny indray hoe : Allaho Akbar Allaho Akbar, dia miteny izy hoe : Là ilàha Illal- llàho, dia miteny indray ao am-pony hoe : Là ilàha Illal-llàho, dia hiditra ny Paradisa izy".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Ny Azan dia antso ho fampahafantarana ny olona fa efa miditra ny fotoam-bavaka, ary ny tenin’ny "Azan" dia teny feno mifono ny finoana. Ao amin'io hadith io no nanazavan'ny Mpaminany (S.A.W) ny fomba atao eo amin'ny fahainoana ny "Azan", izany dia ny hitenenan'ilay naheno azy tahaka izay lazain'ny mpiantso. Raha miteny ny mpiantso hoe: "Allaho Akbar" Hoy ny mpihaino : “Allaho Akbar”, sy ny sisa. Afa-tsy rehefa miteny ny mpiantso hoe : "Hayya A'las-soalat" sy "Hayya A'lal-Falàh", dia hoy ny mpihaino hoe : "Là haola walà kowwata Illà billàhi." Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa izay mamerina miaraka amin'ny mpiantso amin-kitsimpo avy ao am-pony dia hiditra ny paradisa. Ary dikan'ireo tenin'ny azan (fiantsona) : “Allah Akbar”: Midika izany fa Izy Allah dia lehibe sy mihaja ary lehibe noho ny zavatra rehetra. “Ash-hado Allà ilàha Illal-llàho”: izany hoe tsy misy tompo tompoina am-pahamarinana afa-tsy Allah. “Ash-hado Anna Mohammadan Rasòlollàhi”: Izany hoe manaiky sy mijoro ho vavolombelona amin’ny lelako sy ny foko fa i Mohammad dia irak’Allah, nirahin’Allah izy ary tsy maintsy mankatò azy. “Hayya A'las-soalat”, midika hoe tongàva mivavaka, ary hoy ny mpihaino : “Là haola Walà kowwata illà billlàhi”, izany hoe tsy misy fomba hialana na sakana amin’ny fankatoavana, tsy misy hery hanaovana izany, ary tsy misy fahaizana hanao na inona na inona afa-tsy amin’ny fanamaivanan’Allah ilay Tsitoha. "Hayya A'lal-Falàh", midika hoe tongàva amin'ny anton'ny fahombiazana, dia ny fahazoana ny Paradisa sy ny fanavotana amin'ny Afobe.